

ANDRAM-PANASOKAJIANA NY ASASORATRA MALAGASY ARAKA NY FIFANDRAISANY AMIN'NY BAIBOLY

atolotr'i
IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi

FITARIHAN-TENY

Ataonay fa mety ny hanaovana fitarihan-teny fohy amin'ity fandinihana ity mba hahitana mazava ny anjara toerany ao anatin'ny hevitra fototra ankapobe amin'izao Fihaonam-be izao sy hamaritana ny anjara toerany manokana ao anatin'ny lohateny manao hoe : « NY BAIBOLY SY NY HAISSORATRA MALAGASY ».

Koa aoka hambara fohy àry ny amin'ny lohateny sy ny zava-kendrena, ny lanjan'izao fandinihana izao, ny fomba fandinika sy ny vokatra ankapobeny, mialoha ny handinihana ireo sokajy tsirairay.

0.1. Lohateny sy zava-kendrena

« ANDRAM-PANASOKAJIANA NY ASASORATRA MALAGASY ARAKA NY FIFANDRAISANY AMIN'NY BAIBOLY » no lohateny nampitondraina ity fikarohana ity. Araka izany dia :

- « andram-panasokajiana » ihany izao aroso eto izao, ezaka iray amin'ny maro azo atao, fa tsy ny hany izy, na ny izy indrindra akory;
- ny « asasoratra malagasy » no akora notrandrahina, ka na dia tsy mihambo ho nahajery ny asasoratra rehetra aza izahay (ary iza rahateo moa no afaka hihambo

hahavita izany na hanokana ny androm-piainany manontolo ho amin'izany fotsiny aza!), na dia izany aza, dia samy noezahinay hijerena avokoa na ny antsoina hoe «litteratura teraky ny eritreritra» (littérature d'imaginaire) toy ny tantara foronina, sombin-tantara, poezia, tantara tsangana ... na ny «litteratura teraky ny fieritreretana» (1) (littérature d'idées) toy ireo lahatsoratra famoaboasan-kevitra (Essais);

— ny fitaovana fototra nanaovana ny andrana dia «ny fifandraisan'izy ireny amin'ny Baiboly», araka izay hohazavainay bebe kokoa etsy ambany rehefa hiresaka ny amin'ny fomba fandinika izahay.

Ny zava-nokendrena moa dia ny hamantatra ny sokajina asasoratra misy, ny sokajim-pifandraisana misy, araka ny porofo omen'ireo mpanoratra sy asasoratra malagasy ho antsika. Raha lazaina amin'ny teny hafa: ny zava-kendrena dia ny haneho fa, raha heverina ho niteraka ny Haisoratra Malagasy ny Baiboly, dia tsy ny niteraka ihany no nataony fa ny nitaiza azy koa ary tsy karazana asasoratra tokana no naterany fa misy maromaro!

Fa ampoizina hitondra inona moa ny fahalalana izany? Inona no lanja mety hananany?

0.2. Lanjan'izao fandinihana izao

Ny tenanay, na dia saika tsy resy lahatra firy aza teo am-panombohana ity fikarohana ity dia niha-resy lahatra kosa nony niroso nandalina azy, satria tonga niharihary teo anatrehanay ireto anton-javatra roa ireto:

— voalohany: ho an'ny olona tsy mahalala firy ny Baiboly (ary tsy vitsy izy ireny na dia amin'ny olona manana kolontsaina mivelatra aza!), ity andrana ity dia hanampy azy ireny hahatakatra ny anjara toerana lehibe tanan'ny Baiboly ao amin'ny Haisoratra Malagasy — anjara toerana izay, angamba tsy talaky maso loatra, kanefa dia tena misy ary tena marina!

— faharoa: ho an'ireo «sakaizan'ny Baiboly» kosa, izay mety hihevitra ny Baiboly ho boky mitoka-miavaka, fantatry ny olona rehetra ary azon'ny olona rehetra, ho azy ireo kosa, ity andrana ity dia hampahatsiaro azy fa sady tsy nahasahana ny Haisoratra Malagasy manontolo akory ny Baiboly no tsy voaray amin'ny heviny marina araka ny mety ho nanirian'izy ireo azy hatrany, raha ny asasoratra malagasy no dinihina. Ary tsy tokony hahagaga azy ireo loatra izany satria ny mpanoratra dia mpamorona. Manana ny tontolony izy, ary izay fitaovana tiany hampiasaina (ao anatin'izany izay atolotry ny Baiboly azy) dia raisiny sy folahiny ho amin'izay itiavany azy amin'ny anaran'izany toetra maha-mpamorona azy izany!

Ny fomba fandinika holazainay manaraka izao no nitarika anay ho amin'izany fahatsapana izany.

0.3. Fomba fandinika

Noho izao fandinihana izao atao ato anatin'ny sehatry ny fankalazana ny faha-150 taonan'ny Baiboly Malagasy voalohany, dia noraisiny ho fepetra fototra ny handraisana ny Baiboly ho ivo.

(1) Fomban-teny nampiasain' Atoa Siméon RAJAONA, ao amin'ny *Takelaka Notsongaina II*, tak. 338, ireo nindraminay ireo.

Dia nandramanay norefesina ny elanelan'ireo asasoratra raha miainga avy eo aminy, ka fitaovam-pandrefesana roa indrindra no nampiasainay dia ny hatetehana (fréquence) sy ny hamarinana (fidélité). Izany hoe : ny hateteham-pitrangan'ny fitaovana nalaina tao amin'ny Baiboly sy ny fahamarinam-pototry ny fomba nampiasan'ny mpanoratra azy ireny no nilazanay na nifandray akaiky na lavitra tamin'ny Baiboly ny asasoratra itsy na iroa.

Araka izany dia ny fitaovana natolotry ny Baiboly ny mpanoratra ary nampiasain'izy ireny no nofantarina ny hateteham-pitrangan'ny hamarinan'ny fampiasana azy. Ary inona izany fitaovana izany ?

Azo ambara fa misy karazany roa lehibe samy hafa nefa tsy azo sarahina tanteraka, izany hoe : miaraka nefa miavaka, ny fitaovana atolotry ny Baiboly ary nampiasan'ny mpanoratra :

— ny iray dia ny TENY ampiasaina : mety ho voanteny toy ny hoe «anjely», «Edena» ... izany ; mety ho andian-teny toy ny hoe «zanaky ny Mazava» ; mety ho andininy na tapak'andininy nalaina tao amin'ny Baiboly toy ny hoe «efa lasa ny zavatra taloha» ...

— ny iray kosa dia ny HEVITRA. Ohatra : ao amin'ny tononkalo na tantara foronina soratany, ny mpanoratra dia mampisongadina ny fanirahana ny fiangonana na ny kristiana ho vavolombelon'i Kristy eto anivon'izao tontolo izao !

Samy azo raisina ireo, sady tsy afa-misaraka tanteraka rahateo, hoy isika teo. Kanefa, voatery hifidy ihany ny mpikaroka, satria misy tokoa ny asasoratra mampiasa betsaka teny avy ao amin'ny Baiboly nefa mampiasa izany amin'ny heviny vilana. Koa sady akaiky ny Baiboly izy amin'izany (raha ny teny no jerena) no lavitra dia lavitra (raha ny hevitra no dinihina). Misy kosa ny mifamadika amin'izany. Koa nataonay fa tsy maintsy nifidy izahay, ary dia naleonay nifahatra tamin'ny TENY nampiasaina, noho ireto antony ireto :

— Ny teny dia mora hamarinina na nalaina tao amin'ny Baiboly tokoa na tsia. Jerena ao amin'ny Baiboly izy dia voaporofol Ny hevitra kosa tsy mba toy izany, amin'ny ankapobeny. Tamin'ny fifampidiniana tamin'ireo zoky mpiara-mikaroka, dia nanamarika izy ireo fa raha miresaka ny amin'ny fifankatiavana, ohatra, ny mpanoratra iray, na dia fantatra izao aza fa kristianina io mpanoratra io, dia sarotra ihany ny mamaly mazava ny fanontaniana manao hoe : «lo fifankatiavana resahiny io ve akon'ny didim-pitiavan'i Kristy? Sa dindo navelan'ny tsy misara-mianakavy mpandala fihavanana Malagasy? Sa fihetseham-po iraisany amin'ny terak'olombelona rehetra ihany?» Sarotra ny tena hahita ny valin'izany. Angamba aza, izy telo miaraka ! Ny teny anefa tsy voatery hanahirana toy izany, amin'ny ankapobeny ;

— Ny teny koa, na dia eo aza ny fisian'ny dikan-teny protestanta sy ny dikan-teny katolika, dia mora zohina ihany ka azo fantarina hatrany na nalaina tao amin'ny Baiboly na tsia, ary dikan-teny inona no nakana azy. Fa ny hevitra tsy mora tahaka izany. Tsy maintsy hofantarina maintsy ny hoe : teolojia katolika sa protestanta sa inona izany noraisin'ny mpanoratra izany. Ary na fantatra aza hoe katolika io, ohatra, dia mbola tokony hozohina indray ny hoe : «ka hevitr'ireo miandany amin'ny fanavaozana lalina ny Eglizy toa an-dry Jean DELUMEAU ve sa ny an'ireo mpitana mafy ny efa misy toa an-dry Kardinaly OTTAVIANI?» Dia toy izany koa amin'ny protestanta : «Hevitra ny «reformé» nanaraka ny teolojian'i CALVIN ve sa hevitra ny Loterana nanaraka an'i Martin LUTHER ; ... sns». Koa

tsapantsika amin' izany fa sady ilana fotoana no ilana fandalinana lalina vao ho azo raisina hifaharana ny hevitra!

— Koa tsy sanatria akory nifidy tany malemy hanorenam-pangady izahay raha nifidy ny teny, fa ny fetra napetrak' izao sehatra misy antsika izao, no nanery anay handray izany; sady tsy azo afenina koa moa fa ny fanabeazana nomena anay sy nibeazanay dia nanampy anay hahafantatra avy hatrany ny ankamaroan' ny fitaovana natolotry ny Baiboly ary nampiasain' ny mpanoratra!

Saingy na voavaha aza ny olana ny amin' ny teny sy ny hevitra, dia mbola mitoetra kosa ny olana ny amin' ny toetra marina tokony homena ny hoe «hatetehana» sy «hamarinana». Rehefa teny firy no hita ao amin' ny asasoratra iray dia hatao hoe «betsaka» na «matetika»? Ary rehefa firy kosa no «tsy betsaka», «vitsy»? Ary rehefa ampiasaina amin' ny fomba toy inona no antsoina hoe «marina», ary amin' ny toy inona kosa no «tsy marina»? Mbola olana koa izany!

Ny amin' ny hatetehana dia tsy niantehitra tamin' ny isany izahay fa niankina kokoa tamin' ny fifandanjan' isa. Izany hoe: ny isan' ny teny nalaina tao amin' ny Baiboly ampifanatrehina amin' ny isan' ny andalana na takila milaza ny halavan' ilay asasoratra no nilazanay hoe: «matetika» na tsia. Ohatra: raha asasoratra mahatratra 200 takila no tsy misy afa-tsy teny 2 nalaina tao amin' ny Baiboly, dia ataonay fa iraha-manaiiky ny maha-vitsy izany!

Ny amin' ny hamarinan' ny nampiasana ny teny kosa dia izao no narahinay: nojerena na voahaja na tsia ny «contexte biblique» nakana ilay teny. Ohatra: raha teny voalazan' ny Baiboly fa nambaran' i Kristy tany Jerosalema no soratan' ny mpanoratra hoe «tany Samaria» mba hampiady rima azy amin' ny hoe «Kristy», dia mivandravandra fa diso izany! Saingy misy koa ny antsoinay hoe «fahadisoana poetika». Ny ohatra miverimberina indrindra amin' izany angamba dia ny fampiasana ny teny hoe: «anjely» izay iharan' ny sarin-teny manova endri-javatra (métaphore) ka saika anondroan' ny mpanoratra ankizikely mahafatifaty na tovoavavy mahate-ho tia hatrany!

Raha fintinina àry, ny fomba fandinika narahinay dia voafehin' ireto hevitra ireto:

- . ny Baiboly no ivo iaingana,
- . ny teny nalaina tao no nifotorana,
- . ny hateteihan' izy ireny arakaraka ny halavan' ny asasoratra sy ny hamarinan' ny fampiasana azy araka ny «contexte biblique» kosa no nenti-namaritra ny toe-pifandraisany amin' ny Baiboly, ka nahazoana nanasokajy azy.

0.4. Vokatra

Rehefa nampiasaina àry io fomba fandinika voalaza teo io dia fanasokajiana ho efa-toko toy izao aseho an-tsary manaraka eto izao no hita:

Hm	Ht	T	\bar{T}
M		(T, M)	(\bar{T} , M)
\bar{M}		(T, \bar{M})	(\bar{T} , \bar{M})

- Ht = hatetehany
 T = matetika ~ betsaka
 \bar{T} = tsy matetika ~ vitsy
 Hm = hamarinany
 M = marina
 \bar{M} = tsy marina, diso

Sokajy efatra no hita misongadina araka io tabilao io, dia :

- ny sokajy (T,M): sokajin'ireo asasoratra ampiasana betsaka ny Baiboly sady ampiasana azy amin'ny fomba marina ;
- ny sokajy (\bar{T} ,M): sokajin'ireo asasoratra tsy ampiasana firy ny Baiboly nefa kosa ampiasana azy amin'ny fomba marina ;
- ny sokajy (\bar{T} , \bar{M}): sokajin'ireo asasoratra izay sady vitsy no diso no ampiasany ny Baiboly ;
- ny sokajy (T, \bar{M}): sokajin'ireo asasoratra ampiasana betsaka ny Baiboly kanefa dia toa natao fanahy niniana mihitsy ny nandraisana vilana ny hevitra ny ankamaroany !

Ireo no miharihary eto. Kanefa tsy mahafaoka ny asasoratra malagasy marobe raha ireo sokajy ireo ihany. Tsy azo hadinoina mantsy fa misy koa ny «fifandraisana mandray roa» izay mamorona ny sokajin'ireo asasoratra ampiasana mahalankalana ihany ny teny avy ao amin'ny Baiboly ka ny sasany amin'ireny voatana ho amin'ny heviny voalohany, ny hafa kosa nampiasaina tamin'ny fomba diso. Antsointsika hoe «Sokajy (\bar{T} , M/ \bar{M})» izany.


Ary tsy izany ihany, fa raha fifandraisana no resahina, dia tokony hotsiahivina koa ny tsy fisian'ny fifandraisana. Koa misy sokajy iray koa manampy ireo efa hita teo ireo, dia ny sokajin'ireo asasoratra tsy ampiasana mihitsy ny Baiboly, antsointsika hoe «Sokajy (ϕ)».

Heverinay fa ireo no farafahakeliny tokony havoitra raha fanasokajiana ny asasoratra malagasy araka ny fifandraisany amin'ny Baiboly no dinihina. Misy sokajy enina ireo, izay, rehefa alahatra araka ny elanelany amin'ny Baiboly, dia azo atsitoko ho efatra toy izao :

1. Ny sokajin'ny fifandraisana akaiky: S_1 (T, M)
 S_2 (\bar{T} , M)
2. Ny sokajin'ny fifandraisana mandray roa: S_3 (T, M/ \bar{M})
3. Ny sokajin'ny fifandraisana lavitra: S_4 (\bar{T} , M)
 S_5 (T, \bar{M})
4. Ny fifandraisana aotra: S_6 (ϕ)



Izao fanehoana an-tsary tsotsotra manaraka izao dia mety hanampy amin'ny fahitana izany fivoaran'ny elanelany eo amin'ny fifandraisany amin'ny Baiboly izany:



Raha tsy jerena amin'io lafiny fifandraisana-elanelana io kosa izy fa jerena amin'ny lafiny fifandraisana-fihavanana dia hita fa :

— ao ny asoratra azo aiditra amin'ny antsoina hoe «manana fifandraisana mihavana» amin'ny Baiboly,

— ary ao ny asoratra azo aiditra amin'ny antsoinay hoe «manana fifandraisana mikitrana» amin'ny Baiboly.

Antsoinay hoe «fifandraisana mihavana» ny an'ny sokajim-pifandraisana akaiky sy ny sokajim-pifandraisana mandray roa, satria ny asoratra tafiditra amin'izy ireo dia samy mampiasa amin'ny fomba marina ny Baiboly. Izany hoe : mifanaraka amin'ny heviny ampiasan'ny Baiboly azy amin'ny ankapobeny no ampiasany ny teny nalaina taq.

Koa amin'ireo sokajy roa manana fifandraisana mihavana ireo dia manana fifandraisana mihavana «feno» ny S_1 (T, M); fa manana fifandraisana mihavana «tapany» kosa ny S_2 (\bar{T} , M). Mihavana tapany izy noho ny havitsian'ny teny avy tao amin'ny Baiboly hita ao aminy; kanefa mihavana tokoa satria marina ny hevitra nandraisany azy. Ary manana fifandraisana mihavana «fahatelonny» kosa ny S_3 (\bar{T} , M/ \bar{M}) izay ampiasana mahalana ny Baiboly, ka amin'ireo vitsy ireo, ny sasany amin'ny fomba «marina», ny sasany amin'ny fomba «tsy marina».

Koa ny S_1 sy ny S_2 no manana fifandraisana mihavana mivantana amin'ny Baiboly, fa ito S_3 kosa, na dia toa manalasala aza, dia namany ihany satria saika famolahana poetika no isehoan'ny fampiasana «tsy marina» ny Baiboly amin'ny asoratra tafiditra ao aminy. Marihina anefa fa rehefa refesina ny elanelany amin'ny Baiboly, dia ny S_1 no akaiky indrindra, ny S_2 no lavitra indrindra amin'ireo akaiky, ny S_3 dia efa lavitra akaiky — akaiky lavitra !

Ny sokajy telo sisa dia ao amin'ny fifandraisana mikitrana, dia ireo ao amin'ny sokajim-pifandraisana lavitra sy ny sokajim-pifandraisana aotra, satria saika amin'ny fomba tsy marina hatrany no ampiasany ny Baiboly, na tsy mampiasa fotsiny izao izy !

Koa manana fifandraisana mikitrana «feno», izany hoe mikitrana tanteraka ny S_5 (T, \bar{M}). Manana fifandraisana mikitrana «tapany» kosa ny S_4 (\bar{T} , \bar{M}). Ary mety ho azo aiditra ho manana fifandraisana mikitrana amin'ny Baiboly ihany, saingy tsy «mikitrana feno» na «mikitrana tapany» na «mikitrana fahatelonny» angamba, fa «mikitrana mangina» kosa ny S_6 (\emptyset).

I. NY SOKAJIN'NY FIFANDRAISANA AKAIKY

Tafiditra ato anatin'ity sokajin'ny fifandraisana akaiky ity ireo asasoratra manana «fifandraisana mihavana» amin'ny Baiboly. «Fifandraisana mihavana», izany hoe : nampiasaina tamin'ny heviny marina araka ny izy ny zava-nalaina tao amin'ny Baiboly. Ary izany toetrany izany indrindra no mahatonga azy ireo ho «akaiky» ny Baiboly.

Ny sokajy roa voalohany no voafaoka amin'izany, dia :

- ny S_1 (T, M) sy
- ny S_2 (\bar{T} , M)

1.1. Ny sokajy S_1 (T, M)

a) *Fanolorana*

Ity sokajy ity no sokajy voalohany satria izy no akaiky indrindra ny Baiboly ka saika karazandrazan'ny toriteny ankolaka ihany no hita ao amin'ny asasoratra ato aminy.

Ny mpanoratra tena namoaka asasoratra tafiditra amin'ity sokajy ity dia, mazava loatra, fa ireo tamin'ny «Vanim-potoana kristianina» (1820-1922). Fa izay rehetra mahalala, na dia kely ihany aza, ny amin'ny tantaran'ny Haisoratra Malagasy dia miara-manaiky ny fahamarinan'izay nosoratan'ireo nandrafitra ny boky **Fary Mamy** manao hoe : «Mpitondra fiangonana sy taizan'ny fiangonana avokoa no nanomboka ny literatiora malagasy an-tsoratra. Literatiora kristiana no nisy hatreo amin'ny 1906, ary anatanatra no nameno azy, fitaovana nanampy tamin'ny fitoriana ny Filazantsara ny lahatsoratra isan-karazany, ny gazety famoahana azy rahateo gazetim-piangonana» (2). Dia hoy ihany izy ireo manohy izany : «Nanomboka teo amin'ny 1906 teo kosa, nihanivelatra ny literatiora malagasy (...). Teraka ny gazety tsy an'ny fiangonana ka **tsy ny Baiboly intsony no hany loharano fototra** » (3). Izahay no nanamarika manokana ireo teny faramparany ireo satria mazava tsara avy amin'izao filazana izao fa taloha dia ny Baiboly no hany loharano fototra ! Ny asasoratra naterak'izany dia tsy hafa fa tsy maintsy ho izay nosokajintsika amin'ity sokajy voalohany ity.

Tsy dia bambaray anefa ny asasoratra tafiditra amin'izany sady tsy voafatotr'io

(2) Jereo RABEMOLALY Fanomezana, RAMILIARISON Henri, RAVALITERA Nalisoa Jean, RAVELOMANANA Hermann, **Fary Mamy**, Kilasy Fahatelo, Ed. Salohy, Antananarivo, 1973.

(3) op. cit.

vanim-potoana kristianina io koa. Rehefa dinihina dia misy zana-tsokajy roa farafahakeliny ao:

— Ny zana-tsokajy voalohany ($S_{1,a}$) dia izay misy ireo asasoratra nandraisana mivantana ny tantara tao amin'ny Baiboly harindra ho haisoratra amin'ny endriny vaovao. Amin'ny ankapobeny dia ao amin'ny tantara tsangana no mivandravandra izany araka ny hohitantsika amin'ireo santionany homentsika etsy aoriana kely. Koa dia ity zana-tsokajy ity àry no tena akaiky indrindra ny Baiboly: elanelana manakaiky ny aotra!

Marihina anefa, fa mbola misy asasoratra izay, na dia ao anatin'ity zana-tsokajy ity aza, dia mbola akaiky kokoa ny Baiboly indray saingy eo amin'ny lafiny hevitra indrindra kosa. Izay noresahina teo mantsy dia ireo asasoratra nandray olo-malaza tao amin'ny Baiboly indrindra; fa ity lafiny iray akaikikaiky kokoa ity indray, dia ireo izay nandray mihitsy ny Baiboly amin'ny maha-Baiboly azy ho ny foto-dresaka ao amin'ilay tantara nolalaovina!

— Ny zana-tsokajy faharoa ($S_{1,b}$) kosa dia izay misy ireo asasoratra «kristianina be», ka na tsy ny tantara tao amin'ny Baiboly aza no nadikany, dia naman'ny hitory ny Baiboly mihitsy kosa no nokendreny. Ny sombin-tantara tao amin'ireo gazetim-piangonana (4) no dia anisan'izany.

b) Santionana asasoratra.

Andeha àry haka santionan'ny asasoratra sokajy (T, M). Marihinay fa ny endriny mivandravandra ireto inianay aseho ireto ary karazany iray avokoa: Tantara tsangana. Ny vanim-potoana nivoahany anefa, na dia nisy tokoa aza tamin'ny vanim-potoana kristiana, dia saika tamin'ny «vanim-potoanan'ny fiforetana anaty» (1922-1931) no tena betsaka satria teo anelanelan'ny taona 1922-1945 avokoa no nivoahan'izy ireto. Ary fanamarika izany satria izany «vanim-potoana kilasika» eo amin'ny tantaran'ny teatra malagasy izany dia nambaran'ny mpandinika fa «fotoam-bolamenan'ny tantara tsangana malagasy» (5). Koa ny santionany izay harosonay eto, dia tsy izay nalaina faha-vanim-potoana nanaovana talaky mandeha ny haisoratra malagasy akory, fa tamin'izany vanim-potoana namirapiratra izany.

Izay tianay hasian-teny kely dia ny amin'ny loharano nakana azy. Tao amin'ny Tahirin-tSora-Pirenena (6) no nakanay azy ireto, ka ny lohateniny fotsiny dia ampy

(4) Teo anelanelan'ny taona 1896-1915 indrindra no nisy sombin-tantara toy izany tao amin'ny TENVY SOA. Tamin'ny vanim-potoana hafa anefa dia nisy toy izany koa tao amin'ny SAKAIZAN'NY TANORA. Ary marihina fa tsy sombin-tantara ihany no nisy fa tao tokoa ny tantara tsangana, araka ny santionany homena etsy ambany.

(5) Jereo RAMIANDRASOA (J.I.). *Dramaturgie du théâtre malgache classique*, Thèse de 3^e Cycle, pp. 33-36.

(6) Jereo ARCHIVES NATIONALES «Inventaire des pièces théâtrales».

tanteraka ho porofon'izay ao anatin'ny. Amin'ireo tantara tsangana vita lisitra sy voatahiry ao, izay misy arivo mahery, dia mananika ny zato ny azo aiditra amin'ity S₁ (T, M) ity. Koa tsy azo heverina velively ho zava-nandrاندramana fotsiny izany fa tena haisoratra nahasarika manan-talenta maro tokoa matoa nahasahana ny ankevitra ny ampahafolon'ny asasoratra nivoaka faha-izany.

Indreto àry ny santionan'ireo akaiky indrindra nandray ny Baiboly ho foto-javatra :

ANDRIANASOLO Martin, **Ny kristiana sy ny Baiboly**, 1986.

MARCEL Joseph, **Baiboly avotr'aina**, 1925.

RAKOTONIAINA Ernest, **Izaho sy ny Baiboly na ny alina iray nitondra famonjena**, 1932.

Indreto kosa ny santionan'ireo nandray olo-malaza tao amin'ny Baiboly :

ABRAHAMA

RAZAFINDRALAKA, **Abrahama sy Isaka**, 1931.

ADAMA

ANDRIANJAFY Michel, **Paradisa very na Adama sy Eva mianakavy**, 1934.

RAJAONARIVELO J.P., **Adama sy Eva**

RAKOTO Joseph, **Tantaran'i Adama sy Eva**, 1938.

RAVELONARIVO Ignace, **Adama sy Eva**, 1938.

RABARY (Mpitandrina), **Adama mianakavy**, 1925.

RASAMOELINA (Rasamy gasy), **Tantaran'i Adama sy Eva ary i Kaina sy Abela**, 1932.

RAZAFIMAHEFA Pierre, **Adama sy Eva et leurs fils** (amin'ny teny malagasy), 1932.

ABSALOMA

RAKOTO Pierre, **Absaloma na ny fon'ny ray**, 1936.

AHABA

ANDRIAMBOAVONJY Benjamin, **Ahaba sy ny tanimbolin'i Nabota na Ilay faniriana namoa**, 1932.

ANDRIAMBOAVONJY Benjamin, **Tsangambato be vidy na Ny fanirian'i Ahaba namoa**, 1932.

RAVAHINY, **Tantaran'i Ahaba sy Nabota**, 1929.

ANANIASY

RANDRIAMIDONA J.B., **Ny lainga toy ny salaka ka ny tompony ihany no afatony na Ananiasy sy Safira**, 1932.

DANIELA

RAMANGALAHY, **Tantaran'i Daniela**, 1935.

RAMANITRINIZAKA Ertian, **Daniela**, 1940.

RATSIMBA C.M., **Daniela sy Belsazara**, 1926.

DAVIDA

- ANDRIANJAFY Michel, **Resin'ny famelan-keloka na ny fifankatiavan'i Davida sy Jonatana ary ny fialonan'i Saoly mpanjaka azy**, 1933.
 RANAIVO Jean, **Ny fifankatiavan'i Davida sy Jonatana**,
 RASAMOELA, **Davida sy Jonatana**, 1936.

ELEAZARA

- RABARY (Mpitandrina), **Eleazara zanaka adala**, 1927.

ESTERA

- ANDRIAMAHAZO Ranaivo (Diavolandava), **Estera na Ilay babo nahababo**, 1937.
 BONDUE (Père), **Estera mpanjakavavin'i Babilona**, 1945.
 RAKOTO Joseph, **Estera**, 1942.
 RAMAMONJIARISON Antoine, **Estera**, 1940.
 RAMBELOSON (Fanazavana), **Noho ny fireneko na Estera**, 1942.
 RASAMOELINA, **Tantaran'i Estera**, 1935.
 RASOLOFOMANANA, **Estera**, 1930.
 RAZAFINDRAKOTO Joseph Bernard, **Tantaran'i Estera nalaina tamin'ny Soratra Masina**, 1936.
 RAZAFINTSEHENO J.B., **Adasa (Estera)**, 1936.
 RAZANAJATOVO, **Tantaran'i Estera**, 1936.
 RAZANAKOLONA, **Esther**, 1937.
 RAZANAKOTO, **Feo mamelovelo (Estera)**, 1939.
 RAINIMANAMPISON, **Ahasoerosy sy Vasty ary Estera**, 1930.

JAONA

- RABE Jean, **Jaona Mpanao Batisa**, 1939.

JAKOBA

- ANDRIANJATOVO Ifoel, **Esao sy Jakoba**, (sd)
 RATSIMBAZAFY Ranaivoson, **Esao sy Jakoba**, 1940.
 RAMANANKORAISINA, **Tantaran'ny zanak'i Jakoba mianakavy sy ny nifindrany tany Egipta**, 1928.

JESO KRISTY

- RAKOTOBÉ Jérôme, **Ny nahaterahan'i Jesosy Kristy**, 1941.
 RAKOTOSON Paul, **Fijalian'i Jeso Kristy**, 1939.
 RAKOTOZANAMANISA Félix (Fely Nisa), **Jeso Kristy**, 1936.
 RANAIVO Paul, **Tantaran'i Jeso Kristy**, 1938.
 RANDRIAMANANA J.B., **Jeso Kristy**, 1931.
 RASOLOFO, **Jesosy Kristy sy ny nahaterahany**, 1939.
 RABARY (Mpitandrina), **Ny Mesia**, 1927.

JEFTA

- RASAMOELINA (Rasamy gasy), **Voady mamaky onja na ny tantaran'i Jefta**, 1937.
 RANDRIAMIADANARIVO, **Voadin'i Dada na Ny zanak'i Jefta**, 1937.

JOBA

RAJAOBELINA F. (Pasteur), *Joba na Nahoana ny marina no ampahorina*, 1939.

RAKOTO J.B., *Tantaran'i Joba*, 1937.

RAKOTOMANGA Ramasondrano, *Ady ny fiainana na i Joba sy ny adim-panahiny*, (sd).

JONA

RASOLOFO, *Jona natelin' ny trozona*, 1929.

JOSEFA

RAFANANTENANA Joseph, *Josefa namidin' ny rahalahiny*, 1938.

RAJAOMARIA, *Ny marina tsy mba very na Josefa namidin' ny rahalahiny*, 1936.

RAJEMISA Jonah, *Tantaran'i Josefa*, 1937.

RAKOTOARIVELO Florent, *Tantaran'i Josefa namidin' ny rahalahiny*, 1922.

RALAMBOFETY, *Josefa namidin' ny rahalahiny*, 1928.

RANAIVO Laurent, *Tantaran'i Josefa namidin' ny rahalahiny*, 1929.

KAINA

RATSITOHAINA Benjamin, *Kaina sy Abela*, 1937.

LAZAROSY

DURFELD Alfred, *Lazara sy ilay mpanan-karena*, (sd).

RAKOTOSAHALA, *Ilay mpanan-karena sy Lazarosy*, 1928.

MARIA

RAJOELINA, *Tantaran'i Maria sy Josefa*, 1936.

NEBOKADNEZARA

RADONA, *Tantaran'i Nebokadnezara*, 1936.

RANDRIANASOLO, *Any ivoho ianao ry sampy na Nebokadnezara mpanjaka sy ny sary volamena*, 1931.

PAOLY

RAZAFINDRAKOTO Auguste, *Fariseo mihoatra Fariseo na Saoly sy Paoly*, 1937.

ROTA

ANDRIAMBOAVONJY Benjamin, *Ilay violety kelin'i Moaba na Rota ilay zazavavy Moabita*, 1932.

RAKOTONINDRAISANA William, *Tantaran-dRota*, 1932.

RALIJAONA R.J., *Rota sy Naomy*, 1936.

RATSIMBA, *Rota sy Naomy*, 1937.

SADRAKA

RAPANOEL, *Sadraka sy Mesaka ary Abednego*, (sd).

SAMARITANA TSARA FANAHY

RAMAHERISON Pierre, *Resy aho na Ilay Samaritana tsara fanahy*, 1939.

RAMIAKABOLA Clément Mareau, *Ilay Samaritana tsara fanahy*, 1924.
TRUC-KCELL, *Ilay Samaritana tsara fanahy*, 1940.

SAMOELA

RANDRIAMORA J.S.A., *Tantaran'i Samoela*, 1933.

SAMSONA

RABARY (Mpitandrina), *Samson sy Delila*, 1923.

RANDRIAMASIMANGA, *Samsona na ilay mahery resin'ny fakam-panahy*, 1932.

SAOLY

RANAIVO Jean, *Saoly mpanjaka sy ny Tandapa*, 1934.

RASAMOELA, *Saoly sy Davida*, 1939.

SOLOMONA

ANDRIANJAFITRIMO Edouard, *Ny fahendren'i Solomona sy ny Mpanjakavavin'i Sheba*, 1926.

RASOANAIVO, *Solomona teo amin'ny voninahiny*, 1939.

RATREMA, *Ny tantaran'i Solomona mpanjaka be fahendrena aseho mivantana*, 1923.

STEFANA

RAZAFIMAHEFA, *Finoana misara-bazana na Stefana maritiora*, 1934.

VASTY

ANDRIANANTOANDROSOA Michel, dit Raboto, *Fiavonavoan'i Vasty sy ny nanonganana azy*, 1935.

VIRJINA FOLO

RANDRIAMORA J.S.A., *Ny virijina folo*, 1933.

ZANAKA ADALA

RAKOTO ANDRIANARISOA, *Ny zanaka adala*, 1938.

RAKOTOMANGA, *Tantaran'ny zanaka adala*, 1921.

RAKOTOVOALAVO O., *Tantaran'ilay zanaka adala voalazan'ny Baiboly*, 1936.

ZEDEKIA

RATSIMBAZAFY, *Zedekia mpanjakan'i Joda*, 1939.

Ho fehin'ny fanazavana ity S₁ (T, M) ity dia tianay ny manao ireto fanamarihana manaraka ireto:

1. Namberanay fa «marina» no nandraisana ireo tantara samihafa nadika holalaovina an-tsehatra ireo. Tsy mifaina aminay ny olana apetrak'izany filazana izany satria, tahaka ny famoahana ny tantara amin'ny alalan'ny sarimihetsika ihany, ny fandikana dia matetika no mahavoatery ny mpanoratra hanisika zavatra hafa tsy hita ao amin'ny Baiboly akory, na hanala zavatra sasany tsy azony loatra na heveriny ho sarotra avoaka ... Kanefa ninianay noraisina ho «marina» ihany ireo, na dia izany aza satria, hoy izahay, ny teny no tena ifaharantsika eto. Koa raha ny teny

no jerena, dia izay voarakitra tao amin'ny Baiboly ihany no tsy maintsy ho nampiasaina betsaka tamin'ireny tantara ireny, na dia tsy maintsy nisy aza izay nanampin'ny mpanoratra mba hamelomana kokoa ny tantara !

2. Rehefa dinihina ireo mpandray anjara 48 voalaza anarana (7), nalaina tao amin'ny Baiboly, hitantsika teo amin'ny lohateny ireo, dia mazava fa :

. ny Testamenta Taloha no tena nahasarika ny mpanoratra malagasy : 36/48, ary ny lehilahy no betsaka 29/36. Ny Testamenta Vaovao dia tena vitsy raha mihatra aminy : 13/48 monja! ary dia mbola ny lehilahy ihany no maro an'isa : 10/13.

. na dia izany aza, raha jerena ny hamaroan'ny asasoratra isaky ny mpandray anjara, dia ny an'i ESTERA izay misy piesy 13, no be indrindra! ... Nahatsiaro tena ho malemy tahaka ny vehivavy ve ny Malagasy tamin'izany fotoana izany, kanefa mba te haneho herim-po ho an'ny fireneny tahaka an'i Estera? Asal ... Fa vehivavy babo i Estera ary tao anatin'ny fanjanahan-tany indrindra i Madagasikara tamin'izany! ...

1.2. Ny sokajy S_2 (T, M)

a) Fanolorana

Ity sokajy ity, na dia akaiky ny Baiboly aza, dia azo ambara koa ho efa somary lavitra ihany satria efa mahalankalana ihany no ahitana teny notovozina tao aminy. Na dia vitsy aza anefa izy ireny, dia voatandrin'ny mpanoratra hahatana ny heviny araka ny Baiboly ihany.

Mety hisy zana-tsokajy roa ato anatin'ity sokajy ity, dia arakaraka ny mpanoratra :

— ny zana-tsokajy voalohany ($S_{2, a}$) dia misy ireo asasoratra mpitandrina na evanjelista amin'ny ankapobeny ;

— ny zana-tsokajy faharoa kosa ($S_{2, b}$) dia misy ireo navoakan'ny lahika kristianina.

b) Santionana asasoratra

Raha anomezana santionany izany dia toy izao :

— ao amin'ny sokajy ($S_{2, a}$), ohatra, dia tafiditra amin'izany :

-
- (7) Ireto avy izy ireo : 1. Abrahama, 2. Isaka, 3. Adama, 4. Eva, 5. Kaina, 6. Abela, 7. Absaloma, 8. Ahaba, 9. Nabota, 10. Ananiasy, 11. Safira, 12. Daniela, 13. Belsazara, 14. Davida, 15. Saoly, 16. Jonatana, 17. Eleazara, 18. Estera, 19. Ahasoarosy, 20. Vasty, 21. Jeona Mpanao Batisa, 22. Esao, 23. Jakoba, 24. Jeso Kristy, 25. Jefeta, 26. Joba, 27. Jona, 28. Josefa, 29. Lazara na Lazarosy, 30. Ilay mpanan-karena, (niaraka tamin'i Lazara), 31. Maria, 32. Josefa (vadin'i Maria), 33. Nebokadnezara, 34. Saoly, 35. Rota, 36. Naomy, 37. Sadraka, 38. Mesaka, 39. Abednego, 40. Ilay Samaritana tsara fanahy, 41. Samoela, 42. Samsona, 43. Delila, 44. Solomona, 45. Stefana, 46. Ny virjina folo, 47. Ny zanaka adala, 48. Zedekia.

- . Ny tantaran-dRabesetra nosoratan'ny Evanjelistra RAJAOBELINA (8) sy
- . Ny Ikomandà nosoratan-dRabary (9).

Raha tsy handray afa-tsy ito farany isika, dia marihintsika fa :

— Ao amin'io اساساترى Rabary io dia misy tantara kely indray miseho anankiroa dia ilay tantaran' lkomandà voasoratra ao amin'ny fonon'ny boky sy ny «Tantaran-dRamaria sy Rasamoely». Ao amin'ity voalohany dia tsy misy afa-tsy andinin-tsoratra Masina tokana, dia ilay hita ao amin'ny Mpitoriteny 5.10 nosoratan-dRabary manao hoe: «Arakaraka ny haben'ny harena, no haben'ny mpihinana» (tak. 7). Ao amin'ny faharoa kosa dia misy andinin-tSoratra Masina telo: «Mivavaha mba tsy hidiranareo amin'ny fakampanahy», ilay ao amin'ny Lioka 22.40 (tak. 20); «tonga tety ambonin'ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota» (tak. 24), ilay ao amin'ny I Timoty 1.15; ary ny hoe: «amin'ny farany dia hanaikitra toy ny bibilava izy» (tak. 28), ilay ao amin'ny Ohabolena 23.32.

Hitantsika amin'izany fa ao amin'ny اساساترى mahatratra 60 takila, dia inefatra monja no misy teny nalaina tao amin'ny Baiboly! Vitsy izany! Nefa hitantsika koa fa nandray izany araka izay nanambaran'ny Baiboly azy mihitsy ny mpanoratra ka marina tamin'ny lafiny hevitra ny teny noraisiny (ohatra: ilay andinin'ny tokana teo amin'ny Ikomandà) ary marina ara-bakiteny satria «teny notsongaina» tsotra izao (ohatra: ireo telo sisa tao amin'ny Tantaran-dRamaria sy Rasamoely).

— ao amin'ny (S₂, b) kosa dia tafiditra ao, ohatra, ny tononkalon'i Nalisoa Ravalitera mitondra ny lohateny hoe: «Dia nahiratra ny masony ...» sy ny «Ho an'iza moa ny famonjena?» (10). Ao amin'ity voalohany, ny andinin'ny telo farany amin'ny tononkalony dia nandikany andinin-tSoratra Masina tsy nanovany na kely aza: «TSY HANGINA AHO MANDRAPIPOSAKY NY FAHAMARINANY TAHAKA NY FAMIRAPIRATRY NY MAZAVA, ARY NY FAMONJENA AZY TAHAKA NY FANILO MIREHITRA ...» (Isaia 62.1) (tak. 128). Ao amin'ny faharoa kosa, eo amin'ny andl. 3 avy eo amin'ny farany no nanoratany mivandravandra hoe: «FA MPAMONJY NO TERAKA HO ANAREO ANIO» (Lioka 2.11) (tak. 138).

Ary tsy io ihany fa ampoizina mihitsy ny hahitana maro toy izany any amin'ireo tononkalo sy soratra samihafa navoakan'ireo mpanoratra kristianina tany amin'ny gazety SAKAIZAN'NY TANORA, ohatra. Amin'ny toy ireny mantsy dia marina fa mahalana ihany no ahitana teny nalaina tao amin'ny Baiboly mivantana; kanefa kosa dia voahajan'ny mpanoratra ho araka ny hevitra ny Baiboly izay vitsy noraisiny.

(8) RAJAOBELINA (Evanjelista), Rabesetra, narindra sy namboarin'i E.D. ANDRIAMALALA, Ny Nosy Vaovao n° 11, ed. Fiantsohahana ny Boky Malagasy, Antananarivo, 1977.

(9) RABARY, Ikomandà, natonta faninefany, Antananarivo, 1960.

(10) Jereo Nalisoa RAVALITERA, Tapa-porohana, Antananarivo, 1980.

II. NY SOKAJIN'NY FIFANDRAISANA MANDRAY ROA

Ny sokajy S_3 (\bar{T} , M/\bar{M})

a) *Fanolorana*

Ity sokajy ity dia azo ampidirana ny asasoratra rehetra manana fifandraisana «lavitra akaiky» amin'ny Baiboly. Izany hoe: Tsy mampiasa matetika ny Baiboly ny mpanoratra azy — ary izany no tsy maha-akaiky azy, kanefa koa tsy mihevitra nihitsy na ny hanaja na ny hanodina izay teny vitsy alainy ao amin'ny Baiboly. Toy ny ampiasainy tsy tsarotsaroana izany ireny teny ireny. Ary mazava loatra fa, amin'ny ankapobeny, dia ireo mpanoratra nanana fitaizana kristianina no tena maro manao toy izany. Mivady ao amin'izy ireny ny maha-kristianina sy ny maha-mpanoratra. Mamela dindo tsy hainy afenina ny maha-kristianina, nefa mamolaka maneho ny satany koa ny maha-mpanoratra. Koa tsy «fahadisoana» akory no tena hevitra ny teny hoe «tsy marina» (\bar{M}) eto fa «famolahana poetika» kosa.

Fa ny tena manavaka ity sokajy iray lehibe ity dia ny toetrany mandray roa. Izany hoe: misy dia misy ny teny nalaina tao amin'ny Baiboly no marina, toy ny nampiasana azy ao amin'ireo asasoratra ao amin'ny sokajy S_1 (T, M) sy S_2 (\bar{T}, M); kanefa dia misy koa — ao amin'ny asasoratra iray io ihany (boky indrindra no ao antsaina eto) — ny tsy marina fa, na diso tsotra izao, na niharan'ny «famolahana poetika» noresahina tetsy aloha. Noho izany dia tsy tafiditra amin'ireo sokajy roa teo aloha ireny asasoratra ireny nefa tsy azo aiditra amin'ireo telo sisa koa.

b) *Santionana asasoratra*

Ny santionany iray azo raisina amin'izany dia ny **Folihala (11)** nosoratan' i DOX. Amboara mirakitra tononkalo 183 io asasoratra io. Amin'ireo tononkalo marobe ireo anefa, raha tsy diso fijery izahay, dia tsy misy afa-tsy tononkalo roa monja no ahitana teny azo antoka fa nalaina tao amin'ny Baiboly, dia ny «Antsam-pitiavana» (tak. 53) sy ny «Voninavoko ... (Eritreritra Noely)» (tak. 197).

Amin'ireo indray dia iray monja ny teny avy tao amin'ny Baiboly nampiasainy, dia ny hoe «ANJELY», saingy amin'ny fomba roa tsy mitovy. Hoy izy ao amin'ny «Antsam-pitiavana»: «Anjely hiambina ahy hatrany ...» (and1. 8). Ilay olon-tiany no antsoiny amin'izany, koa ny teny hoe «anjely» dia sarin-teny mifono angoty sy fiderana ilay tiana, izany hoe: havan'ny famolahana poetika.

Hoy kosa izy ao amin'ny «Voninavoko»:

«Any an-danitry ny mino, eny anivon'ny anjely!» (and1. 12).

Ny anjelin'ny lanitra kosa no resahiny eto ary tsy manova na inona na inona amin'izay hevitra omen'ny Baiboly ny amin'ny anjely amin'ny maha-mponin'ny lanitra azy izy. Izany hoe: «marina» no ampiasany ny teny hoe «anjely» eto.



(11) Dox, **Folihala**, Harem-pirenena n° 7, Trano-pritim-pirenena, Antananarivo, 1968.

- Koa tononkalo roa manome ohatra mazava ireo: ao anatin'ny boky iray:
- ny tononkalo iray («Antsam-pitiavana») misy ny «tsy marina» mitondra ny marika maha-poeta an'i DOX;
 - ny tononkalo iray («Voninavoko») kosa misy ny «marina», mitondra ny mariky ny maha-kristianina azy!

Koa azo ambara fa ohatra mahalaza tsara ny asasoratra amin'ny sokajin'ny fifandraisana mandray roa ity Foliहाल an'i DOX ity!

III. NY SOKAJIN'NY FIFANDRAISANA LAVITRA

Tafiditra ato anatin'ity sokajin'ny fifandraisana lavitra ity ireo asasoratra rehetra manana «fifandraisana mikitrana» amin'ny Baiboly. Fifandraisana mikitrana, izany hoe: fifandraisana «tsy amim-pahamarinana», fa mbetika aolaky ny mpanoratra hilaza ny zavatra tsy ambarany akory ilay teny nalainy tao amin'ny Baiboly, mbetika ampiarany ny famolàhana poetika. Amin'ireo fomba ireo anefa dia mazava fa samy mihataka amin'ny hevitra voalohany nomen'ny Baiboly azy ilay teny. Ary izany no ilazana eto hoe: fifandraisana «lavitra».

Sokajy roa no hita eto:

- ny sokajy S₄ (T, M)
- ny sokajy S₅ (T, M)

3.1. Ny sokajy S₄ (T, M)

a) Fanolorana

Ny asasoratra ato amin'ity boky ity no azo ambara ho ny akaiky indrindra amin'ireo lavitra ny Baiboly. Tsy mampiasa firy ny Baiboly mantsy ny mpanoratra eto ary tsy mikajy ny hevitr'izay ampiasainy koa. Azo heverina fa mpanoratra vahiny be ihany ny amin'ny Baiboly no roboka tamin'ny karazam-pahadisoana toy izany, na ireo mpanoratra nentanin'ny aingam-panahiny ka ninia nanadino ny «marina» izay nosoloiny «nofinofy». Araka izany dia «fahadisoana» roa no mety hataon'ny mpanoratra eto: voalohany: fahadisoana niniana, faharoa: fahadisoana tsy nahy.

b) Santionana asasoratra

Ohatra: ao amin'ny sombin-tantara iray nooratan'i NIVONDRAHONA «Aleoko» (12). Hoy izy eo amin'ny voalohandohany: «Nanontaniana ny aneran'ny ka Ravola-arivo, hono, izany hoe, zanaky ny Mazava, teraky ny mpanarivo». Eto dia ny hoe «zanaky ny Mazava» no itrangan'ny «fahadisoana». Fomban-tenin'ny Baiboly izany hanondroana ny olona nandray ny finoana an'i Jesoa Kristy «Ilay tena Mazava» (13). Eto anefa dia toe noraisidraisim-poana izany hanondroana tovovavy lazain'izy mpanoratra ihany ho «zanaky ny sivilizasiona manta mohaka»! Koa

(10) Jereo NIVONDRAHONA, «Aleoko», in TELEGRAFY n° 106, 14 Oktobra 1927.

(13) Momba an'i Jesoa Kristy: Jereo ny Jaoña 1.9. Momba ny «Zanaky ny mazava» kosa: Jereo ny Efesiana 5.8, ohatra.

mifanohitra toy ny atsimo sy avaratra ny hevitra biblika sy ny hevitra «poetika» (?) nampiasan'ny mpanoratra azy (14).

Ary ao amin'ny tohin'io sombin-tantara io ihany, dia lazain'ny mpanoratra indray fa «alokalok'anjely» Ravola-arivo; izany hoe: ny «anjely» eto dia iharan'ny famolahana poetika hoenti-milaza olona.

Koa hitantsika amin'izany koa fa ireo roa ireo ihany no mba ahitana teny nalaina tao amin'ny Baiboly ao amin'ity sombin-tantara ity; nefa dia «diso» no fampiasany azy!

Raha bangoina àry, dia azo ambara fa toa ampiasaina amin'ny haitraitra ny teny ao amin'ny Baiboly ka tonga manalavitra ny heviny voalohany!

3.2. Ny sokajy S₆ (T, M̄)

a) Fanolorana

Tafiditra ao amin'ity sokajy ity ny asasoratra azo ambara ho ny «lavitra indrindra amin'ny lavitra» satria, na dia tena mampiasa ny Baiboly aza ny mpanoratra azy, dia toa ninia nanolaka ny fitaovana atolotry ny Baiboly azy kosa hanoharana ny Baiboly. Ny teny avy ao amin'ny Baiboly ihany amin'izany no entina hanapotohana ny hevitra ny Baiboly.

Azo an-tsaina avy amin'izany fa ny mpanoratra mpandà ny fivavahana kristiana sy/na ny finoana an'Andriamanitra indrindra no namokatra asasoratra tafiditra amin'ity sokajy ity.

b) Santionany

Ny asasoratra mety hahitana indrindra izany fampiasana betsaka nefa vilana ny Baiboly izany dia azo an-tsaina koa fa tamin'ny fotoanan'ny «Libre pensée» teto amintsika. Nisy izany fironan-tsaina izany mantsy teto amintsika efa hatramin'ny andron'i Galliéni ary niha-natanjaka tamin'ny andron'i Augagneur na dia nilefitra kely aza tamin'ny andron'i Piquié. Ny gazety BASIVAVA, MIFOHA MADAGASIKARA, MASOANDRO no fantatra indrindra faha-izany ho nanehoan-dry zareo «libre-penseurs» ankolaka (BASIVAVA) na mivantana (MIFOHA I MADAGASI-

(14) Io fifanoherana nolazainay io dia marina raha raisina ho teny nalaina tao amin'ny Baiboly TOKOA ny hoe «zanaky ny Mazava». Ary azo heverina ho izany tokoa raha ny fampiasana litera lehibe (Mazava) no jerena. Ny sivilizasiona koa anefa dia noheverina ho fahazavana. Izany, ohatra, no ilazana ny hoe «amin'izao andro mazava izao» hanondrona ny fotoana nidirah'ny sivilizasiona tandrefana. Marina fa na io hoe «andro mazava» io koa aza dia mbola mandray roa ihany satria milaza ny fotoana tsy isian'ny fanenjhana intsony izany raha ny fifanoherana nampiasain-dRabary ao amin'ny Maritiora Malagasy no dinihina: andro maizina = nisy fanenjhana; andro mazava = tsy nisy fanenjhana intsony! Kanefa dia tsy azo itompoana ho izany IHANY no ironan'ny hevitra ny hoe «zanaky ny Mazava» eto, satria ampiasain'ny mpanoratra koa ny hoe «zanaky ny sivilizasiona». Angamba samy ao ireo!

KARA, MASOANDRO) ny heviny (15). Tsy nisy sombin-tantara na tononkalo ahitana loatra ny toe-javatra dinihintsika eto anefa na dia tao amin'ireny gazety ireny aza. Izay nahitana izany kosa dia ny matoan-dahatsoratra sasantsasany. Koa raha ny marina dia nijanona teo amin'ny lafiny fanoherana ny misiona, ny fanankinana ny fiainana amin'ny siansa ary ny fijoroana ho lahika (16) ihany ny ady nataon'ny «libres penseurs» fa tsy dia tena niantefa loatra tamin'ny Baiboly akory.

Koa raha tamin'ny fotoana nampafanafana ny resaka tsy finoana an'Andriamanitra aza tsy nahitana firy ny zavatra dinihintsika eto, dia tsikaritra fa anisan'ny vitsy tokoa ny asasoratra azo aiditra amin'ity sokajy ity.

Saingy misy boky anankiray ahitana izany tsara, dia ilay boky tsy mbola natonta printy fa navoaka tsotra fotsiny ho an'ny mpianatra ao amin'ny Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy eto amin'ny Oniversiten'i Madagasikara — CUR Antananarivo (17).

2003 no lohateniny ary RANDJAZANAMIHOATRA mpanoratra ny **Ako sy Feo, Lehilahy, Vehivavy, Vainafy Tononkira ... sns** no nanoratra azy. RANDJAZANAMIHOATRA dia efa nahalala betsaka ny amin'ny finoana kristianina. Ny **ako sy Feo** dia navoakany niaraka tamin-dry ELIZA FREDA, S. BEM, A. RAFIDY, NATOL. ho «mari-panajana sy fahatsiarovana» manokana an-dRAVELOJAONA Mpitandrina. Ary ao amin'ny fanolorana nataony dia nosoratany eo ampamaranana ny Apokalypsy 14.13 sy ny Filipiana 1.6. Raha mamaky ny fomba nentina nandrindra ny Salamo 90 ho tononkalo ao amin'ny «Fivavak'i Mosesy Lehilahin'Andriamanitra» ao amin'io amboara kely io isika dia hahatsapa fa takany sy azony tsara ary tsy nodisoiny na kely aza ny Soratra Masinal

Tsy takona afenina amin'ny soratra ataony fa mpamaky Baiboly tokoa ny lehilahy ary toa zary loharanon'ny aingam-panahiny aza matetika ny Baiboly. Ary ireny andininy namoha azy ireny dia mazana no apetrany eo amin'ny toeran'ny «épigraphe». Ohatra:

— ao amin'ny **Ako sy Feo** ihany ao amin'ny tononkalo iray, **Ny alina** (tak. 11) dia nosoratany eo ny hoe: «Ary ny alina samy manolo-pehalalana» (Sal. 19.2). Marihinay fa sady omeny ny teny no tondroiny mazava koa ny toko ny andininy nakany azy!

— toa izany koa ao amin'ny **Vainafy Tononkira**:
 . ao amin'ny **Vohitra kamboty** (tak. 30) dia nosoratany eo ny hoe:

(15) Jereo RAKOTOANDRIANOELA Honoré, Ny *fihetsiky ny avara-pianarana manoloana ny teti-pitondran'ny mpanajana-tany araka ny ahitana taratra azy ao amin'ny gazety MPANOLO-TSAINA (1904-1915)*, Mémoire de Maîtrise, Antananarivo, 1981, tak. 146.

(16) op. cit. tak. 145-152.

(17) Tamin'ny taom-pianarana 1977-78, Taona Fahatelo, tamin'ny Zanakasim-pianarana «Littérature œuvre» tamin'izany fotoana izany; **granja nampianarin'Andriamatoa RAJAONARISON Jean Baptiste**.

«Indrisy, mitobetra manirery
izao ilay tanàna feno olona»

Fit. 1.1.

ao amin'ny Vazovazo (tak. 36):

«Tendreo ny lokanga mahafinaritra mbamin'ny valiha» Sal. 81.2.

ao amin'ny Manina (tak. 39):

«An'ny malalako aho sady manina ahy izy». Ton. K. 7.11.

Ary tononkalo 13 hafa koa no misy toy izany ao ka andinin-tSoratra Masina tsy latsaky ny 16 no voatanisany ao satria amin'ny sasany dia andininy tokana ny ireo ohatra nomensika ireo ihany no raisiny, fa amin'ny hafa kosa dia misy roa (1, 2).

Tononkalo 53 no ao amin'io amboara io. Ary amin'ireo dia misy 35 no ahitana teny manana loko kristianina (19) ary 9 kosa no nasian-dRANDJA andinin-tSoratra Masina mialoha sy/na mamarana azy (20). Saika nampiasaina mba hotsiratsiraina (21) avokoa anefa izy ireny ka azo ambara tsotra fa ny niniana ho diso no be noho ny marina.

Andeha horaisintsika ireo santiona talaky maso indrindra sy ny hevitra nomeny azy mba hahitantsika ny fandsioany azy:

tak. 5: «Hidy folo» nataon'ny marary saina hanibohana ny salama».

Dia izao no teny eo amin'ny toeran'ny «épigraphe»:

«ary indro aho efa nihinana ampongabendanitra, longoza, voantsilo, sakoa ... tamin'ny tany rehetra efa nalehako, dia hoy Jehovah tamiko: mandehana indray, tiava vehivavy izay tian'ny vadiny nefa mijangajanga»
(hosea 3, 1)

(18) Jereo tak. 46, 56, 70, 88, 92, 93, 104, 110, 111, 118, 120, 121, 124, 127, 133.

(19) Ireto avy: «Soratra tao an-trano fiterahana» (tak. 3); «Boky fianan-j-manambatra» (tak. 4); «Hidy folo» (tak. 5); «Havandra mensa» (tak. 6); «Taratasy sy laoka» (tak. 10); «Fahendrena mifaina» (tak. 11); «Menamasoandro» (tak. 12); «Fitiavana» (tak. 13); «Izao no hafatra napetrany» (tak. 14); «Andro fimamoana» (tak. 16); «Trano mahagaga» (tak. 17); «Vavolombelona nohelohina» (tak. 24, 26-31); «Rariny raha tafiam-boninahitra isika» (tak. 41, 42); «Ny anjombona» (tak. 43); «Ireo masoandro tsy hivaky hoe» (tak. 44); «Roa Novambra» (tak. 45); «Aiamaia» (tak. 46-48); «Hataka nampianarin'«NY AVANA» (tak. 49-50); «Teorian'ny kalokalo masina» (tak. 53); «Mitodiha ka henoy ity ry boky tonta» (tak. 55); «Eza-davitra» (tak. 58); «Mandositra matanjaka ry havana» (tak. 59); «Fanontaniana tsy misy valiny» (tak. 60); «Trano vadin'ny trano lava tenda» (tak. 62); «Aiza ilay Rakoto nanao matokia» (tak. 63); «Fanandratana ny tahotra» (tak. 65); «Ny tahotra»; «Mizana sy vato mizana» (tak. 73); «Diarin-dRamanamizao» (tak. 76); «Fiderana ny voninkazo» (tak. 70); «Ho any ...» (tak. 71); «Vavaka torak'ivy» (tak. 81-82); «Di'ndao! Di'ndao!» (tak. 83); «Ny mpisafio izay mandalo» (tak. 88).

(20) Ireto avy: ny ao amin'ny tak. 5, 6, 12, 13, 16, 24, 44, 45, 62.

(21) Hoy i RANDJA raha milaza ny pasitera: «kafitera» (tak. 81), ny mompera: «saopera» (id.). Ary hoy ny faniratsirany ny tsodrano famaranan-taratasy: «ho aminareo anie ny fahasoavan'ny toko» («Taratasy sy laoka», tak. 10): toko, hoy izy fa tsy Tompo!!!

Ny hevitr'io teny hita ao amin'ny bokin'i Hosea mpaminany io, araka ny nandraisan-dRandja azy dia hazava amintsika kokoa raha hambara fohy ny amin'ny tononkalo manontolo. Ity HIDY FOLO ity mantsy dia tsy hafa fa dika hafakely nomen'ny mpanoratra ny amin'ny DIDY FOLO ao amin'ny Baiboly. Hoy ny andalana sasany ao :

«aza manana olon-tiana fa izaho ihany.
 aza manana endrika voarakitra ho anao
 na avy amin'ny topimaso na ny vetsom-po mankany
 na ny embona asampotiny ao anaty miafina ao.

aza mitsiriritra, aza mijangajanga, aza manadino ...
 dray! tsia: aza mivoaboaka, aza mijerijery.
 aza saro-piaro, aza ..., ny eritreritra fihino
 tsy hahalala, tsy handre afa-tsy ny feoko irery.

tovinao ny sitra-poko sy ny adidy momba ahy.
 ireo rehetra ireo tsy maintsy tanterahinao daholo.
 ny hasambaranao kosa aza ananana ahiahy
 fa efa vita manda mafy sady vita hidy folo
 (and. 1, 2, 3)

Ataonay fa mazava amin'izao ny maha-«dika hafakely» azy. Tsy dikany natao hanazavana azy, fa dikany ninianá natao hanehoana fa fahadalana kosa no raketiny. Fahadalana satria mangeja ny oloña tsy hanana fivelarana sy fahafahana. Fahadalana satria mitory fitiavan-tena amin'ny endriny faran'izay mandoza.

Izany no ijerren-dRandja ny Didy folo: Hidy folo. Koa tsy gaga isika raha feon'ny fikomianá mahatsiravina no amaranany io tononkalo io, dia feon'ny hadalana ho setrin'ny hadalana. Hoy ny andininy farany, setriny omen'ilay nitenenana teo amin'ny andininy telo teo aloha hoe:

«saotra! teliko ry lala! indro kely anafarana:
 raha maty aho 'tompoko', aza avoaka varavarana:
 zavatrao ny tenabeko! ary fara-
 faniriako: halevina eo am-parafara».

Koa araka izany hevitra ny tononkalo manontolo izany, ny hevitra nandraisan'ny mpanoratra ilay teny tao amin'ny bokin'i Hosea dia tsy hafa fa izao ihany: Jehovah no ilay «marary saina» resahina eto ary izay ampanaoviny dia tsy inona fa hadalana: olona efa nitety olon-tiana maro isan-karazany ity itenenany nefa dia hoy «indray» i Jehovah: «mandehana indray» — izany hoe ampisihiny ihany ny fitititetezana efa natao, sady arosony ho amin'ny ratsy kokoa aza fa «vehivavy izay tian'ny vady nefa mijangajanga» no asainy tiavina! Koa teny feno hadalana no nandraisany io teny io.

Mazava araka izany fa ninian'ny mpanoratra tsy nofantarina ny tena hevitr'io teny io ao amin'ny Baiboly. Ao mantsy dia tsy ny maha-fanambadiana vehivavy

janga, vadin'olona azy mihitsy no iehibe, fa ny maha-fihetsika ara-tandindona (acte symbolique) azy. I Hosea mpaminany dia tandindon'i Jehovah tia ny Isiraely nefa avadik'io firenena io kosa. Ary izany heviny marina izany, dia tokony ho hitan'ny mpanoratra tsara raha nandray io andininy io izy, satria tsy aiza akory ny fanazavana ny hevitr'io fihetsika io fa eo amin'ny tohin'io andininy niniany notapahina io. Fa izao no andininy feno ao amin'ny Baiboly: «Dia hoy Jehovah tamiko: Mandehana indray, tiava vehivavy izay tian'ny vadiny nefa mijangajanga, DIA TAHAKA NY FITIAVAN'I JEHOVAH NY ZANAK'ISIRAEELY, NEFA IREO KOSA DIA MIHODINA HO AMIN'IZAY ANDRIAMANI-KAFA SADY TIA AMPEMPAM-BALOBOKA».

Koa tsy hoe tsy fahafantarana akory no nanaovan'ny mpanoratra izao fahadisoana izao, fa tena fanahy niniana mihitsy. Ary izany ilay nambaranay hoe fampiasana ny Baiboly hanoherana ny Baiboly. Fa Andriamanitra ilay miteny manao hoe: «aza mijangajanga» (22) ihany izao no asehony (aroha ny heviny nandraisany azy) ho mpampirisika hijangajanga!

. **tak. 6:** «Havandra mena».

«tefeo ho sabatra ny fangadinareo»
joela 4.10.

Ny tononkalo manontolo dia iresahany momba ny ady. Ary hoy izy eo amin'ny andl. 46 sy ny manaraka, rehefa avy nitanisa teny 32 misy ny teny hoe «ady/adi-» izy:

«ady izao tontolo izao
nefa ny ady
tsy mba miady
fa mampiady
sy mitady
hampiady
ny tsy miady
ady!»

Koa ny teny tao amin'ny bokin'i Joela mpaminany dia noraisin'ny mpanoratra ho fampirisihan'Andriamanitra ny ady sy ny fifandripahan'ny olombelona eto. Andriamanitra lian'ady Andriamanitra. Izany no hevitra tiany haseho mivandravandra. Ary ireto andalana ireto dia ahatarafana tsara izany heviny izany. Hoy izy:

«fa ny ady sy ny vavaka
mpivady tsy misaraka»
(andl. 88-89)

« ireò firene-mpivavaka
no liana ady indrindra »
(andl. 170-171)

ary indrindra :

« ary hitako ho finaritra
ny tavan' andriamanitra
dia mbola hisy ny ady
izay hitadiavana azy »
(andl. 178-182)

Rehefa tena vakina anefa ny Baiboly dia tsy izany velively no ao. Tsy fampirisihana hiady no ambarany fa fanehoana ny fitsaran' Andriamanitra! Ireo teny ireo dia tsy teny nanaingana firenena na olona hamely firenena na olon-kafa, fa toy ny fihantsian' Andriamanitra ireo firenena manohitra Azy kosa ka toy ny anesoany azy ireo hoe: na dia hirongo fiadiana hatrany amin' ny nifinareo aza ianareo ka ny fitaovam-pamokaranareo (angady) aza hotefena ho fitaovam-piadiana (sabatra), dia ho zava-poana izany fa ho potika ihany ianareo. Olona miady amin' Andriamanitra no hita eto fa tsy olona miady amin' olona toy ny nandraisan' ny mpanoratra azy akory. Koa toy ny teo aloha ihany, dia inian' ny mpanoratra tsoahina amin' ny « contexte » ny teny ao amin' ny Baiboly ary omeny izay heviny tiany homena azy fotsiny.

Santiona ihany moa no noraisintsika teto, fa maro no mbola azo dinihina toy izany, saingy maro koa no ilam-pandinihana lalina sy lava kokoa mba tsy hanaovana tombatombana fotsiny. Ireo ohatra roa teo ireo no anisan' ny tsotra indrindra ary ireo dia hitantsika mazava fa fanahy niniana nodisoina. Fanahy iniana ampiasaina betsaka ny Baiboly ary fanahy iniana disoina ny heviny. Ary izany dia ao anatin' ny lalan-tsain-dRanjia Zanamihoatra mihitsy. Fa hoy izy raha tonga teo aminay tamin' ny fiandohan' ny taona 1977: « Mpanenjika ny fivavahana kristianina aho ary tsy hitako koa izay antony tsy tokony hanenjarahana azy » (23).

Koa niaina ny foto-keviny izy raha nanao ireo zava-nodinihintsika teo ireo Na dia izany aza anefa dia misy ihany fahatsontsana tsy azo heverina ho niniany loatra. Ohatra: ao amin' ny tak. 30, raha niresaka ny amin' ny **Vavolombelona nohelohina** izy ka milaza indrindra ny fanenjarahana mahazo ny mpivarotena, dia nanao hoe:

« tsimanetsa kosa ve?
izay mihatra dia nekeny
fa efa hatramin' ny elabe
no nanenjarahana azy ireny

(23) Teny nataony am-pahibemaso teo anatrehan' ny mpianatra iray kilasy tamin' izany fotoana izany io. Taty aoriana (1983) anefa dia toa tsy nitana izany heviny izany intsony izy, araka ny resaka nifanaovanay manokana.

eny, hatrany samaria
 no nanenjehana ny razany
 nefa ilay kristy
 tsy namasoka ny lazany
 ary sahy niteny tsotra
 tsy mba nisy vazivazy:
 'raha misy tsy nanota
 'ndeha mitora-bato azy»

Ny fahadisoana eo dia ny filazany fa tany «SAMARIA» no nitenenan' i Kristy io teny ambarany eo io. Azo amarina tsara ao amin' ny Jaona 8. 1-11 ny toe-javatra ampahatsiaroviny eto ary dia hohita fa tany Jerosalema no nitenenany izany. Ary i Jerosalema dia any Jodia fa tsy any Samaria akory.

IV. NY SOKAJIN' NY FIFANDRAISANA AOTRA

Ny sokajy S_6 (\emptyset)

a) *Fanolorana*

Ny asasoratra ao amin' ity sokajy ity dia tsy misy ifandraisany amin' ny Baiboly ary tsy voafetra mihitsy ny mpanoratra mety hamokatra karazan-tsoratra toy izany. Noho izany dia maro noho ny asasoratra amin' ny isan-tsokajy efa hitantsika tetsy aloha (S_1 — S_5) ny tafiditra amin' ity sokajy ity.

b) *Santionany.*

Ny ohatra talaky maso indrindra dia ny tononkalo. Marobe amin' izy ireny no tsy anitana taratra Baiboly na dia kely aza, eny na dia ireo nosoratan' ny mpanoratra fantatra izao aza fa kristianina. Ohatra, raha vakina ny **Dinitra** (24) an-dRADO: Kristianina ny tenany, kanefa ny 90 isan-jaton' ny tononkalo ao dia tsy ahitana na dia taratry ny Baiboly fotsiny aza!

Koa na ny boky tantara «policier» toy ny **Rovitr' akanjon' i Denise** (25) na ny boky fianarana toy ny **Ambohibeloma sy Tononkalo voafantina** (Haeckel ANDRIANJATOVO) ... ireny dia samy ahitana maro tafiditra amin' ity sokajy ity avokoa: tsy ahitana na teny iray aza notovozina tao amin' ny Baiboly!

Ahoana àry no handraisana izany toe-javatra izany? Holazaina ve fa tsy nisy vokany na kely vokany, tamin' ireny mpanoratra rehetra ireny ny Baiboly? Sa hambara kosa manao hoe: voaporofa izao fa boky «masina» tokoa ny Baiboly, izany hoe. voatokana, ka tsy izao soratra rehetra izao akory dia nandraindraina teny avy tao aminy avokoa? Sa koa: sakamalaho sy havoza ny fivavahana sy ny hairahan' ny soratra, ka samy manana ny hanitra ho azy?

(24) RADO, **Dinitra**, Antananarivo, 1974.

(25) RAPATSALAHY Paul — Idealy Soa, **Rovitr' akanjon' i Denise**, Impr. Takariva, Antananarivo, 1974.

Fa na reny niteraka ny Haisoratra Malagasy aza ny Baiboly, araka ny zava-nisy ara-tantara tsy azo lavina, dia hita kosa fa tsy nijanona ho zaza teo am-pifoany mandrakariva akory ny Haisoratra naterany. Fa nitombo izany, niha-lehibe, ka nony tonga taona dia nandrombaka ny fahaleovantenany. Ary toa lalàna voajanahary ihany moa izany. natao hisaraka amin' ny reny niteraka ny zanaka! Misara-nono aloha raha mbola kely, ary misara-trano kosa nony lehibe hanambady ka « hitokan-trano »!

FEHIN-TENY

« Andram-panasokajiana » izao nataonay izao ary andrana dia andrana ihany tokoa ka sady tsy mihambo ho nahasahana ny asasoratra rehetra (na dia niezaka hijery ny ankamaroany aza) no tsy nahadinika ny andinidininy koa!

Indro, atolotray eto am-pamaranana ny famintinana izay rehetra voalaza hahitana azy amin' ny indray mijery.

LAHA-RANY	TOETRA-NY	FIFANDRAISANY AMIN'NY BAIBOLY	MPANORATRA AHITANA AZY	SANTIONANA ASASORATRA
S ₁	(T, M)	akaiky indrindra	tamin' ny « vp kristiana » sy ny teatra	Tantara tsangana 1922- 1945
S ₂	(\bar{T} , M)	lavitra indrindra amin' ny akaiky	mpitandrina, evanjelista, lahika kristianina	RAZAFINDRAMAKA (P.) (= Rabary Mpitandrina) Ikomanda
S ₃	(\bar{T} , M/ \bar{M})	lavitra- akaiky	tsy voafetra !	DOX, Folihala
S ₄	(\bar{T} , \bar{M})	akaiky indrindra amin' ny lavitra	tsy voafetra !	NIVONDRAHONA, « Aleoko »
S ₅	(T, \bar{M})	lavitra indrindra!	ireo mpandà ny fivavahana kristiana	RANDJA ZANAMI-HOATRA, 2003 (= Vainafy Tononkira II)
S ₆	(ϕ)	tsy misy ifandraisany amin' ny Baiboly	tsy voafetra !	RAPATSALAHY Paul – Idealy Soa, Rovitr' akanjon' i Denise

Ho famaranana, dia aoka hofintininay toy izao àry izany fanasokajiana samihafa izany: hitantsika fa ny Baiboly dia maro anaka raha niteraka ny Haisoratra Malagasy, fa ao ny zanaka niankim-po tamin'ny (S_1), ao ireo nitahiry ny fahatsiarovana azy (S_2), ao ireo zanaka nanadino azy (Fa nampifangaroharo ny sariny tamin-javatra hafa (S_3)), ao ireo nanadino azy (S_4), ao ireo nikomy tamin'ny (S_5), ary ao ireo nahatsiaro ho hafa reny mihitsy angaha ka tsy nihevitra azy (S_6)! Ary ny fisian'ireny sokajin'asasoratra samy hafa noharinay tamin'ny «zanaky ny Baiboly» ireny no tianay hisarihana ny sain'ireo mpianatra miofana ho mpitory ny Baiboly (raha azo lazaina izany). Raha heverina mantsy ny fankafizan'ny vahoaka malagasy ankehitriny ny tantara mitohy isan'andro sy ny tantara indray miseho isaky ny Asabotsy ao amin'ny Radio Televiziona Malagasy, dia toa tsy isalasalana ny milaza fa maro mpihaino noho ny ankamaroan'ny toriteny ao amin'ny Radio izy ireny. Ity fandinihana bitika nataonay ity anefa dia nampahatsiaro antsika fa misy maro (sokajy 5/6!) amin'ireny tantara ireny no mampiasa teny nalaina tao amin'ny Baiboly. Koa ho an'ny sarambaben'olona tsy mpamaky Baiboly dia izay teny ampiasaina ao amin'izy ireny sy ny heviny omeny azy ao koa no voarakitry ny besinimaro sy ahazoany azy! Koa ataonay fa mahaliana ny handinika ao amin'ny «corpus» iray misy ny tantara rehetra tao amin'ny Radio tato anatin'ny 10 taona farany (75-85), ohatra, ka fantarina amin'izany izay teny tao amin'ny Baiboly nampiasain'ny mpanoratra betsaka sy ny heviny nomeny azy hahalalana na ny zavatra fototra ao amin'ny Baiboly tokoa no voatanan'ny sarambaben'olona na tsia, na ny heviny marina no voatahiriny na tsia!

Ary toy izany koa, amin'io «corpus» io ihany, ohatra, ataonay fa hahaliana tokoa ny handinihan'ny mpahaifanoratra (stylisticien) ny hoe: nahoana no ny teny toy izao ao amin'ny Baiboly no tian'ny mpanoratra ampiasaina betsaka? Inona no toetran'ireny teny ireny, inona no sarin-teny raketiny (figure de style)? Fa raha vita izany fandinihana izany dia ho afaka handray tombontsoa avy aminy ny mpandinika ny toe-tsaina Malagasy ... sy ny mpitoriteny ary ny mpitondra fanjakana, satria angamba nohitany kokoa ny fomba hitenenana amin'ity vahoaka ity hampitana aminy izay tiana hambara!

Asa, fa eritreritra ihany izany! na dia tsy ho
 «eritreritra nofy mangina
 hovitrovitra saika tsy re»
 tahaka ny an-dRABEARIVELO aza!

